

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

LOI n° 2003 039

**Autorisant la ratification de l'Accord relatif au Projet
d'Electrification Rurale (IBERMAD) conclu le 03 octobre 2003
entre la République de Madagascar et l'Instituto de Credito
Oficial (ICO) du Royaume d'Espagne**

EXPOSE DES MOTIFS

Dans le cadre de la mise en œuvre du programme prioritaire national de lutte contre la pauvreté menée actuellement par le Gouvernement malgache, le Projet d' Electrification Rurale a été retenue.

Le Fonds d'Aide au Développement (FAD) du Royaume d'Espagne a octroyé un crédit d'un montant de 2 090 260 (DEUX MILLIONS QUATRE VINGT DIX MILLE DEUX CENT SOIXANTE) Euros, soit environ 15 000 000 000 (QUINZE MILLIARDS) FRANCS MALAGASY pour financer ledit projet.

I - OBJECTIFS

Le projet vise à accélérer l'électrification du pays notamment en milieu rural et à assurer la garantie de l'approvisionnement en électricité dans les meilleures conditions en harmonie avec le développement économique.

II - DESCRIPTION DU PROJET

Le projet consiste en la fourniture de matériels et équipements de production et de distribution d'électricité destinés à l'électrification de 27 communes rurales réparties dans les six provinces autonomes de Madagascar.

III - CONDITIONS FINANCIERES

- **Montant** : 2 090 260 Euros, soit environ 15 000 000 000 Fmg.
- **Intérêt** : 2,4% par an avec des échéances semestrielles à effectuer 6 mois à compter de la date d'entrée en vigueur.
- **Commission d'engagement** : 0,10% par an appliqué 6 mois après l'entrée en vigueur de l'accord et s'achèvera dans les 18 mois à compter de l'entrée en vigueur.

- **Commission de Gestion** : 0,10% FLAT appliqué au montant total du crédit.
- **Remboursement du capital** : 30 ans y compris une durée de grâce de 11 ans, 38 versements semestriels égaux.
- **Remboursement de la première échéance** : à partir de la 11ème année à compter de la date d'entrée en vigueur.
- **Remboursement par anticipation** : total ou partiel du montant du crédit si le montant minimum atteint 100 000 Euros et représente un multiple de 10 000 Euros.
- **Intérêt moratoire** : si les montants à payer ne sont pas mis à la disposition de l'ICO dans la monnaie convenue à la date de leur échéance et la situation n'a pas été réglée dans les 30 jours suivants, les montants non réglés constitueront une dette échue et rapporteront un intérêt moratoire équivalent à celui qui sera en vigueur le jour de l'échéance pour le dépôt en euros du EURIBOR à 6 mois majoré de 1 point de pourcentage.

Aux termes de l'article 82, paragraphe VIII de la Constitution «la ratification ou l'approbation des traités... qui engagent les finances de l'Etat, ...doit être autorisée par la Loi ».

Tel est l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I
MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-**

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA 2003 - 039

**Ankatoavana ny fanekena fifanarahana mifandraika
amin'ny Tetikasa Famatsiana Herinaratra eny Ambanivohitra
(IBERMAD) izay noraiketina tamin'ny 03 oktobra 2003
nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny
Instituto de Credito oficial (ICO) avy any amin'ny Fanjakan'i Espagne.**

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Ao anatin'ny fandaharanasa izay loha laharana imasoan'ny Governemanta Malagasy amin'ny ady amin'ny fahantrana dia voatazona ho anisan'izany ny Tetikasa Famatsiana Herinaratra any Ambanivohitra.

Ny « Fonds d'Aide au Développement (FAD) » avy amin'ny Fanjakan'i Espagne dia nanome vola mitetina 2.090.260 (ENIM-POLO SY ROANJATO SY SIVY ALINA SY ROA TAPITRISA) Euros izany hoe sahabo ho 15.000.000.000 (DIMY AMBIN'NY FOLO LAVITRISA) FMG mba hamatsiana io tetikasa io.

I - TANJONA

Ny tetikasa dia mikendry indrindra ny hanafaingana ny fanantanterahana ny famatsiana herinaratra, indrindra ny eny ambanivohitra ary ny hiantoka ny famatsiana herinaratra ao anatin'ny fepetra tsara indrindra izay mifanaraka amin'ny fampandrosoana ara-toekarena .

II- FANORITSORITANA NY TETIKASA

Ny tetikasa dia mikasika ny famatsiana ara-pitaovana sy kojakojam-pamokarana sy fitsinjarana herinaratra ho an'ny kaomina Ambanivohitra miisa 27 voatsinjara ao amin'ny faritany mizaka tena enina (6) eto Madagasikara.

III - FEPETRA ARA- BOLA

- | | |
|-------------------|---|
| -Sorabola | : 2.090.260 Euros, izany hoe sahabo ho 15.000.000.000 Iraimbilanja. |
| - Zanabola | : 2,4% isan-taona misy fandoavana isaky ny enim-bolana ka hotanterahina enim-bolana aorian'ny daty nanaovana ny fifanekena. |

- Tambim-panekena** : 0,10% isa-taona, ampiharina enim-bolana aorian'nydaty nanaovana ny fifanekena.
- Tambim-pitantana** : 0,10% FLAT ampiharina amin'ny totalin'ny vola nosamborina.
- Famerenana ny renivola** : 30 taona ka ao anatin'izany ny fotoana famelana 11 taona, fandrotsahana 38 mitovy isaky ny enim-bolana.
- Famerenana amin'ny fandrotsahana voalohany** : manomboka ny taona faha 11 aorian'ny daty nanaovana ny fifanekena
- Famerenana mialoha** : izy rehetra na ampahany amin'ny sorabola fampisamborana raha ny vola kely indrindra mahatratra 100.000 Euros ary mitsinjara 10.000 Euros.
- Intérêt moratoire** : raha tsy eo ampelatanan'ny ICO ny vola tokony haloa amin'ny mari-bola nifanarahana amin'ny daty fandoavana ary tsy voaefa ao anatin'ny 30 andro manaraka dia lasa trosa tsy voaloha ary manome “Intérêt moratoire” mitovy amin'ny Euros ny EURBOR isaky ny enim-bolana ary mitombo isan-jato iray.

Araka ny voalazan'ny andininy faha- 82, andalana faha-VIII ao amin'ny Lalampanorenana : « Ny fankatoavana na fanekena ireo fifanarahana mamatotra ny vola-panjakana dia amin'ny alalan'ny Lalàna no anekena izany ».

Izany no antonanton' ity Lalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

LOI n 039

**Autorisant la ratification de l'Accord relatif au
Projet d'Electrification Rurale (IBERMAD) conclu le
03 octobre 2003 entre la République de Madagascar
et l'Instituto de Credito Oficial (ICO) du Royaume
d'Espagne**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 05 décembre 2003 et du 17 décembre 2003, la Loi dont la teneur suit :

Article premier - Est autorisée la ratification de l'Accord relatif au Projet d'Electrification Rurale (IBERMAD) conclu le 03 Octobre 2003 entre la République de Madagascar et l'Instituto de Credito Oficial du Royaume d'Espagne d'un montant de DEUX MILLIONS QUATRE VINGT DIX MILLE DEUX CENT SOIXANTE (2 090 260) EUROS soit environ QUINZE MILLIARDS (15.000.000.000) FRANCS MALAGASY.

Article 2 - La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 17 décembre 2003

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE, LE PRESIDENT DU SENAT,

LAHINIRIKO Jean
RAKOTOMAHARO

RAJEMISON

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA 2003 - 039

**Ankatoavana ny fanekena fifanarahana mifandraika
amin'ny Tetikasa Famatsiana Herinaratra eny Ambanivohitra
(IBERMAD) izay noraiketina tamin'ny 03 oktobra 2003
nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny
Instituto de Credito oficial (ICO) avy any amin'ny Fanjakan'i Espagne**

Nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha- 05 desambra 2003 sy faha 17 desambra 2003, izao Lalàna manaraka izao :

Andininy voalohany . - Omen-dàlana, ny fankatoavana ny Fifanarahana fampisamboram-bola mikasika ny Tetikasa Famatsiana herin'aratra eny Ambanivohitra, noraiketina tamin'ny 03 oktobra 2003 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny « Instituto de Credito Oficial » avy any amin'ny Fanjakan'i Espagne izay mahatratra ENIMPOLO SY ROANJATO SY SIVY ALINA SY ROA TAPITRISA (2. 090. 260) EUROS sahabo ho DIMBY AMBIN'NY FOLO LAVITRISA (15.000.000.000) Iraimbilanja.

Andininy faharoa .- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao.

Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha 17 desambra 2003

**NY FILOHAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**NY FILOHAN'NY
ANTENIMIERANDOHOLONA**

LAHINIRIKO Jean
Rakotomaharo

RAJEMISON

FIFANARAHANA FAMPISAMBORAM-BOLA

IFANAOVAN'NY

INSTITUTO DE CREDITO OFICIAL

FANJAKANAN'I ESPAGNE

SY

NY MINISTERAN'NY TOEKARENA, NY FITANTANAM-BOLA

ARY NY TETIBOLA

AVY AMIN'NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Andaniny,

Andriamatoa RADAVIDSON Andriamparany Benjamin, Minisitry ny Toekarena, ny Fitantanam-bola ary ny Teti-bola avy amin'ny Repoblikan'i Madagasikara izay manatanteraka araka ny fahefana izay nambarany fa manankery sy ampy.

Ankilany,

Andriamatoa David Moreno CASAS, Tale Jeneralin'ny Raharaha ara-Toekarena ao amin'ny Instituto de Credito Oficial any amin'ny Fanjakanan'i Espagne izay manatanteraka araka ny fahefana izay nambarany fa manankery sy ampy.

SAVARANONANDO :

1) Ny Governemanta ny Fanjakanan'i Espagne , araka ny fiaraha-miasa ara-pirahalohana misy eo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara dia nanaiky ny fifanekem-pifanarahana natao tamin'ny 6 jona 2003 momba ny famatsiam-bola nalaina ao amin'ny FAD izay mitentina 2.090.260 (ENIM-POLO SY ROANJATO SY SIVY ALINA SY ROA TAPITRISA) Euros.

2) Io famatsiam-bola io dia hisy fifandraisana sy hifandanja 100% amin'ny famatsiam-bola ofisialy Espagnol, izay natao hamatsiana ny tetik'asa famatsiana herin'aratra ny tanàna 27 any ambanivohitra eto Madagasikara.

Izany vola izany dia ho tsinjaraina toy izao manaraka izao :

a1) 1.811.419,30 (SIVY AMBIN'NY FOLO SY EFA-JATO SY ARIVO SY IRAY ALINA SY VALO HETSY SY IRAY TAPITRISA FAINGO TELOPOLO) Euros, izay 100%'ny kojakoja-pitaovana sy atrik'asa avy any

Espagne, dia hanana endrika mifandrohy, ary hamatsiana ny fanondranana ny fitaovana sy atrik'asa avy any Espagne.

a2) 278.840,70 (EFA-POLO SY VALON-JATO SY VALO ARIVO SY FITO ALINA SY ROA HETSY FAINGO FITOPOLO) Euros, izay 13,34%'ny kojakoja-pitaovana sy atrik'asa nafarana, hamatsiana ny fitaovana avy any ivelany.

3) Ny Governemanta any amin'ny Fanjakanan'i Espagne, eo ampanokafana io vola io dia manatanteraka amin'ny alalan'ny Instituto de Crédito Oficial, ny Mpandraharaha ara-bolany noho ireo fepetra noraisina tao amin'ny fifanarahana tamin'ny Fivorian'ny Minisitra natao ny 6 jona 2003 sy ny Governemantan'ny Repoblikan'i Madagasikara dia miandraikitra, ny amin'ny fanaovan-tsonia sy ny fanatanterahana ity Fifanarahana ity, amin'ny alalàn'ny Minisiteran'ny Toe-karena, ny Fitantanam-bola ary ny Teti-bola araka ny lalàna 63-015 tamin'ny 20 jolay 1963.

DIA MIFANARAKA TOY IZAO MANARAKA IZAO :

FIFAMARAFARAN-TENY VOALOHANY - Famaritana

FIFANARAHANA

Dia midika Fifanarahana fampisamboram-bola ifanaovan'ny Instituto de Crédito Oficial avy amin'ny Fanjakanan'i Espagne sy ny Minisiteran'ny Toe-karena, ny Fitantanam-bola ary ny Teti-bola avy amin'ny Repoblikan'i Madagasikara mba ampifanaraka ny « Vola samborina » natao hamatsiana ny asa ara-barotra voalaza ao amin'ny Savaranonando, fantatra amin'izany fa ny teny hoe « Fifanarahana » sy « Fifanarahana fampisamboram-bola » dia manana hevitra iray ihany .

FAHAZOAN-DALANA AMIN'NY FANEFANA

Dia midika, araka ny voalazan'ity « Fifanarahana » ity, lalàna tsy azo ovàna apetraky ny « Minisitara » ho an'ny « ICO », izay manome alalàna ity farany amin'ny fandoavana ny Vola samborina hoan'ny mpanondrana entana avy any Espagne amin'ny alalàn'ny « Banky tompon'andraikitra » araka ny fepetra voatondron'ny « Fifanarahana Ara-barotra », na ny antontan-taratasy hafa rehetra momba izany.

BANKY MPITANTANA

Dia midika, araka ny voalazan'ity « Fifanarahana » ity, ny Banky notendren'ny « Mpindrana » ary neken'ny « ICO » izay hanatanterahana ny fandoavam-bolan'ny mpanondrana entana Espagnol araka ity « Fifanarahana » ity sy handinihana ny atontan-taratasy araka ny « Fifanarahana ara-barotra » na ny atontan-taratasy hafa rehetra momba izany ary ho foronina, raha ilaina ny

fanamarinana mifanaraka amin'izany, araka ny Tovana faha- IV.

CESCE

Dia midika ny « Compañia Española del Seguro de Crédito a la Exportacion ».

MARI-PAHAMANTARANA TELEGRAFIKA

Dia midika ny mari-pahafantarana miafina omen'ny « ICO », izay ahafahana manome ny laharana izay hatao eo alohan'ny fitakiana, fifandraisana, ny filazana sy ny fampandrenesana atao amin'ny alalàn'ny « télex », noho ny fepetry ny « Fifanarahana ».

Raha toa ka hanao sonia Fifanarahana hafa mitovy endrika ny « Minisitera » sy ny « ICO », dia ny mari-pahamantarana telegrafika hampiasaina dia mitovy amin'ny teo aloha ihany.

KAONTIM-PIFANARAHANA

Dia midika , ny kaonty sokafan'ny « ICO » ao amin'ny bokiny, amin'ny anaran'ny « Minisitera », izay misy petra-bola 2.090.260 (ENIM-POLO SY ROANJATO SY SIVY ALINA SY ROA TAPITRISA) Euros teo ampiandohana mba ahafahana mitana an-tsoratra ny fivoaham-bola misy amin'ny fanatanterahana ny ampahany fampiasam-bola amin'ny « Fifanarahana ». Fantatra amin'izany fa ny teny hoe «Kaonty» sy « Kaonti-pifanarahana » dia manana hevitra iray ihany.

FIFANARAHANA ARA-BAROTRA

Dia midika, ny fifanarahana vita sonia teo amin'ny mpanondrana entana avy any Espagne sy ny mpanafatra entana avy amin'ny Repoblikan'i Madagasikara, ho an'ny fiandraiketana atrik'asa sy kojokoja-pitaovana ho famatsiana ao anatin'ny « Fifanarahana ».

VOLA SAMBORINA AMPIASAINA

Dia midika, ny Vola samborina mitentina 2.090.260 (ENIM-POLO SY ROANJATO SY SIVY ALINA SY ROA TAPITRISA) Euros, voarakitra ao amin'ity « Fifanarahana » ity araka ny fetra narafitry ny Fivorian'ny Minisitra any Espagne tamin'ny 6 jona 2003 ka ny « Mpindrana » dia hahazo izany amin'ny alalàn'ny Minisiteran'ny Toe-karena, ny Fitantanam-bola ary ny Teti-bola araka izay voalaza amin'ny « Fifanarahana ».

MPINDRANA

Dia ny Repoblikan'i Madagasikara izay araka ity « Fifanarahana » ity dia

manatanteraka amin'ny alalàn'ny Minisiterany dia ny Minisiteran'ny Toe-karena, ny Fitantanam-bola ary ny Teti-bola ho amin'ny fanaovan-tsonia sy ny fanatanterahana izany. Fantatra amin'izany fa ny teny hoe « Mpindrana » sy ny « Repoblikan'i Madagasikara » dia hevitra iray ihany .

ICO

Dia ny Instituto de Crédito Oficial, fikambanana notendren'ny Governemanta any amin'ny Fanjakanan'i Espagne izay manao ny andraikitry ny Mpandraharaha ara-bola amin'ny fanaovan-tsonia sy fanatanterahana ny « Fifanarahana ».

ANDRO FIASANA

Dia ny andro izay isokafana sy iasan'ny banky momba ny varotra any Madrid sy eto Antananarivo.

MINISITERA

Dia ny Minisiteran'ny Toe-karena, ny Fitantanam-bola ary ny Teti-bola eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara, andrim-panjakana izay notendren'ny Governemantan'ny Repoblikan'i Madagasikara izay manatanteraka ny fisoloana ity farany amin'ny fanaovan-tsonia sy fanatanterahana ny « Fifanarahana ». Fantatra amin'izany fa ny teny hoe « Minisiteran'ny Toe-karena, ny Fitantanam-bola ary ny Teti-bola » sy ny « Minisitera » dia manana hevitra iray ihany.

MARI-BOLA IFANARAHANA SY EUROS

Dia midika ny Vola samborina izay manana sanda ankatoavina ao amin'ny Fivondronambe Eropeana izay hamoahan'ny ICO ao amin'ny « Kaonty » ny vesatra avy amin'ny fandoavana ny mpanondrana avy any Espagne, araka ny « Fifanarahana ara-barotra » ary hahazoana fandoavana ny zanabola sy ireo tambiny amin'ny fanaovan-draharaha, izay notanterahan'ny « Minisitery » avy amin'ny fampienana ny reniVola samborina.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-2 - Fepetra mampanan-kery ny « Fifanarahana »

Ity « Fifanarahana » ity dia tsy hanan-kery raha toa ka tsy voarain'ny « ICO » ara-dalàna eo amin'ny endrika sy ny votoatiny, ny tahiri-kevitra manaraka ireto :

- a) ny fepetra rehetra na tahiri-kevitra ilaina , izay ahafahan'ny «Minisitery » amin'ny anarany sy ny ho an'ny « Mpindrana » manasonia sy manatanteraka ny « Fifanarahana » ary miantsooka ny didy aman'andraikitra azo avy amin'izany.
- b) Fahefana sy fanamarinana ny sonian'ireo olona nahazo alalàna amin'ny fanaovan-tsonia sy amin'ny fanatanterahana ity « Fifanarahana » ity na ny tahiri-kevitra hafa rehetra mifandraika amin'izany.
- d) Filazana araka ny lalàna ataon'ny sampan-draharaha mpanao lalàna ao amin'ny « Ministera » izay anambarana fa ny fepetra rehetra ilaina ao amin'ny fitsipi-dalàna anatiny na ny fahefana rehetra ara-pitondran'ny « Mpindrana », izay mikasika ny fanaovan-tsonia, ny fanatanterahana sy ny faharetan'ny « Fifanarahana » dia tanteraka. Ity filazana araka ny lalàna ity no hanamarinana ny « Fifanarahana » ho an'ny « Mpindrana ».
- e) Ny tahiri-kevitra rehetra amin'ny fanatanterahana ity « Fifanarahana » ity, izay ilain'ny manampahefanan'ny Repoblikan'i Madagasikara.

Hampafantaran'ny « ICO » amin'ny « Minisitery » araka ny fomba firafitra ao amin'ny Fifamarafaran-teny faha-19, fa nahazo ny tahiri-kevitra mikasika izany, koa noho izany dia manankery ny « Fifanarahana ».

Ity « Fifanarahana » ity dia hanankery mandra-pahafoana ny andraikitra rehetra avy amin'izany ho an'ny roa tonta.

Na izany aza, ny mampanan-kery ny « Fifanarahana » dia tokony hatao ao anatin'ny enimbolana manomboka amin'ny vaninandro nanaovana sonia azy, izay azo halavaina enimbolana, araka ny fangatahan'ny « Minisitery ».

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-3.- Ny tontalin'ny vola

- 1) Ny tontalin'ny « Vola samborina ampiasaina » omen'ny « Minisitera » ho an'ny « Mpindrana » ary mifanaraka amin'ity « Fifanarahana » ity dia mahatratra 2.090.260 (ENIM-POLO SY ROANJATO SY SIVY ALINA SY ROA TAPITRISA) Euros.
- 2) Mba ho fampiharana ny tondro voalohany etsy ambony, ny « ICO » dia hanokatra ny boky firaketany ny « Kaonty » izay misy ny petra -bola farany ambony teo am-piandohana izay 2.090.260 (ENIM-POLO SY ROANJATO SY SIVY ALINA SY ROA TAPITRISA) Euros. Ny « Minisitera » dia hanokatra ihany koa araka ao amin'ny boky firaketany ny kaonty mifandanja amin'izany.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-4 .- Ny fandrotsahana ny fanaovan-draharaha

Ny fanaovan-draharaha ara-barotra izay vatsiana amin'ny alalàn'io « Vola samborina » io dia tokony hahazo ny fankatoavan'ny Minisiteran'ny Toe-karena avy any Espagne araka ny fangatahan'ny « Minisitera » izay anolorana mialoha ny « Fifanarahana ara-barotra » na, ny tahiri-kevitra izay ilaina amin'izany.

Izany fangatahana izany dia tokony hamarinin'ny « ICO » tsara ao antin'ny fe-potoana enimbolana raha vao manankery ity « Fifanarahana » ity, araka izay voalaza ao amin'ny Fifamarafaran-teny 19 ary koa mifandraika amin'ny modelin'ny Tovana I ary miankina amin'ny fahafahan'ny « ICO » manalava io fe-potoana io.

Ny « ICO » dia tokony hahampafantatra ny « Minisitera » ny mikasika ny fankatoavan'ny Minisiteran'ny Toe-karena avy any Espagne, ny amin'ny famatsiam-bola ny fanaovan-draharaha momba ny varotra mifandraika amin'io « Vola samborina » io.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-5.- Ny fotoana ampiasana ny Vola samborina

- 1) Ny fe-potoana farany amin'ny fangatahana fahazoana ampahany amin'ny « Vola samborina » dia 18 volana manomboka amin'ny fotoana mampanankery ity « Fifanarahana » ity.

Ny amin'ny fifanarahana iraisana, ny roa tonta dia hahazo manalava io fe-potoana io, raha toa ka ny fangatahana dia voarakitry ny « ICO » 30 andro alohan'ny vaninandro fahataperan'ny vanim-potoana fampiasana, ao antnin'ny

endrika voarafitry ny Famarafaran-teny 19 ary mifandraika amin'ny modely ao amin'ny Tovana II.

- 2) Noho ny fepetra amin'ny andalana teo aloha, ny vanim-potoana fampiasana dia hanaraka ho azy hatramin'ny vaninandro voalaza ao amin'ny « Fifanarahana ara-barotra » na, farafaharatsiny, ao anatin'ny tahiri-kevitra samihafa izay hanoloana azy. Izany vaninandro vaovao izany dia hambaran'ny « Minisitera » amin'ny « ICO » ao anatin'ny fotoana fohy.
- 3) Ny ampahany amin'ny « Vola samborina » izay tsy nampiasaina raha toa ka mifarana ny fe-potoana fampiasana na, raha ilaina, ny amin'ny fanalavana, dia heverina ho toy ny foana ho azy.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-6 .- Fombafomba fampiasana ny vola

- 1) Ny « Vola samborina » dia afaka hampiasaina amin'ny « Fahafahana manefa » tokana sy tsy azo ovàna izay azo mivantana avy amin'ny « Minisitera » ary atolotry ny « ICO », araka ny endrika voarafitra amin'ny Fifamarafaran-teny faha-9 sy mifandraika amin'ny modely amin'ny Tovana faha- III . Ny « Minisitera » dia handefa amin'ny « Banky Tompon'andraikitra » ny dika soratra mitovy ny « Fahafahana manefa ».

Ireo fanefana ataon'ny « ICO » amin'ny mpanondrana amin'ny alalàn'ny « Banky Tompon'andraikitra » dia tsy azo ho tanterahina raha tsy efa misy ny fanambarana natao mialoha, ara-dalàna sy iantohan'ny « Banky Tompon'andraikitra » voatondro araka ny modely amin'ny Tovana faha-IV

- 2) Ny « Fahafahana manefa » voalaza etsy ambony amin'ny teboka 1) dia hanondro, raha ilaina :
 - a. Anarana sy adiresin'ny mpanondrana avy any Espagne.
 - b. Anarana sy adiresin'ny « Banky Tompon'andraikitra »
 - d. Votoatin'ny fanefana
 - e. Tetin'ny fanefana araka ny « Mari-bola ifanarahana »
- 3) Ny fanatanterahan'ny « ICO » ny « Fahafahana manefa » araka ny fepetra amin'ity « Fifanarahana » ity dia tsy miankina amin'ny « Fifanarahana ara-barotra ». Ny « ICO » dia tsy ho tompon'andraikitra amin'ny fahadisoana vokatry ny tsy fahavitan'ny « Fifanarahana ara-barotra » ary « ny Minisitera » dia miantoka noho izany ny famerenana amin'ny « ICO » atao « Euros » ny tetin'ny vola aloa amin'ity farany ity araka ny fepetra mazava ao amin'ny « Fifanarahana ».
- 4) Azon' ny « ICO » atao ny mampiato ny fandrotsahana ny « Vola samborina » raha toa ka misy trosa amin'ny fanefana renivola, ny zanabola na ny tambiny amin'ny fanaovan- draharaha azo avy amin'ity

« Fifanarahana »ity na ny Fifanarahana hafa rehetra ataon'ny «ICO » sy ny « Mpindrana ».

Toy izany ihany koa ny hahafahan'ny « ICO » mampiato ny fandrotsahana ny « Vola samborina » raha toa ka ho eken'ny Fitsarana mahefa ny anaovana fitoriana mba amahana ireo olana mifandray amin'ny fomba famonoana voalaza amin'ny Fifamarafaran-teny faha-15 - 7.

5) Isaky ny fotoana anaovana famoham-bola dia hampahafantarina'ny « ICO » amin'ny « Minisitera » ny trosa amin'ny « Kaonty » anatin'ny « Mari-bola ifanarahana », miaraka amin'ny fanamarihana ny tetiny sy ny vaninandro manondro ny sandan'ity farany.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-7 .- Ny zanabola

1) Ny tetiny azo ampiasaina ao anatin'ny « Vola samborina », dia hiteraka zanabola 2,4% (ROA FAINGO EFATRA ISAN-JATO) isa-taona ho an'ny « ICO » manomboka amin'ny vaninandro fampiasana tsirairay ka hatramin'ny fanalefahana azy , miaraka amin'ny fetr'andro fandoavana isan'enimbolana.

2) Raha toa ka misy ny fanalefahana alohan'ny fotoana araka izay voalaza ao amin'ny Fifamarafaran-teny faha-10 , ny tetiny azo ampiasaina irery ihany izay mahazo fanalefahana no hiteraka zanabola

4) Ny fikajiana ny zanabola dia ho tanterahina araka ny isan'ny andro vita, ary raisina ho 360 andro ny taona iray.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-8 .- Tambiny

1) Tambi-pifanekena.- Hampiharina ny tambiny amin'ny fanaovan-draharaha ifanekena izay 0,10% isan-taona amin'ny tontalim-bola rehetra izay tsy nampiasaina nandritry ny fe-potoana fampiasana voalaza amin'ny Fifamarafaran-teny faha-5, ary hatomboka ampiharina 3 volana aorinan'ny mampanankery ity Fifanarahana ity ary ho vitaina amin'ny fiafaran'ny vanim-potoana izay voalaza amin'ny Fifamarafaran-teny faha-5.

Ny fikajiana ny tambiny amin'ny fanaovan-draharaha ifanekena dia ho tanterahina araka ny isan'ny andro vita. Raisina 360 andro ny taona iray.

2) Tambim-pitantanana .- Hampiharina amin'ny tontalim-bola amin'ny « Vola samborina » ny tambiny amin'ny fitantanana izay 0,10% FLAT.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-9 .- Ny fanalefahana

Ny tontalim-bola azo ampiasaina amin'ny « Vola samborina » dia haverina ao

anatin'ny 30 taona tafiditra amin'izany ny 11 taona ahazoana famelana, anatanterahana fandrotsahana 39 isan'enimbolana mitovy. Ny famerenana ny vola naloa dia hatao ny volana faha 132 manomboka amin'ny vaninandro mampanankery ity « Fifanarahana » ity.

Amin'ny fiafaran'ny vanim-potoana fampiasana, na rehefa tapitra nampiasaina avokoa ny « Vola samborina », ny « ICO » dia handrafitra ny tabilao fanalefahana mifandraika amin'izany, izay hatolony ny « Minisitera » mba ho ankatoaviny. Ny « Minisitera » dia hampahafantatra ny « ICO » ny fanamarihany ao anatin'ny 30 andro. Raha toa ka tsy misy ny fanamarihana natao ao anatin'io fe-potoana io, dia heverina ho toy ny raikitra ny tabilao fanalefahana.

Ny « Minisitera » dia handrotsaka amin'ny « ICO » ny tontalim-bola azo amin'ny « Mari-bola ifanarahana », sanda amin'ny andro fandoavana.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-10 .- Famerenanan mialoha

Ny « Minisitera » dia hamerina mialohan'ny fotoana ny fitambarambe na ny ampahany amin'ny tetin'ny « Vola samborina » ifanekena amin'ny Fifamarafaran-teny faha-9, na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona, alohan'ny fandoavana izay mifanaraka amin'izany raha sendra ka 100.000 « EUROS » ny tetiny farany ambany ary mampiseho maro sosona ny 10.000 « EUROS ». Ny famerenana dia hampiarina amin'ny fandoavana ny renivola araka ny filaharana mifanipaka an'ireo fandoavana rehefa avy natao ny fanefana ireo zanabola, ny tambiny amin'ny fanaovan-draharaha ary ny renivola aloa. Ny fanefana ho amin'ny famerenana atao mialoha dia hampafantarina ny « ICO » 30 andro alohan'ny fanefana.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-11.- Zanabola aloa mikasika ny fahatarana

- 1) Raha toa ny tetin'ny vola izay tokony aloan'ny « Minisitera » na inona izany na inona araka ity « Fifanarahana » ity kanefa tsy voarain'ny « ICO » araka ny « Mari-bola ifanarahana » amin'ny vaninandro fandoavana izany, ary tsy voamarina ao anatin'ny 30 andro manaraka ny toe-bola, ny tetin'ny vola tsy ara-dalàna dia ho anisan'ny trosa averina ary hitondra ho an'ny « ICO » manomboka amin'ny vaninandro fandoavana ka hatramin'ny vaninandro

fandrotsahana manontolo, ny zanabola mikasika ny fahatarana mitovy amin'izay hanankery amin'ny vaninandro fandoavana ho an'ny petra-bola EUROS ao amin'ny EURIBOR mandritry ny enimbolana, miampy isan-jato iray.

2) Ny vanim-potoana fahatarana dia tsy hihoatra ny 12 volana, manomboka eo, dia azo hampiharina ny fiheverana ny Fifamarafaran-teny faha-15.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-12 .- Fanefana ho an'ny zanabola sy ny tambiny amin'ny fanaovan-draharaha

1) Ny zanabola. Ny fanefana mikasika ny zanabola, sy zanabola momba ny fahatarana voamarina ao amin'ny Fifamarafaran-teny faha-7 sy faha-11 dia hatao isan'enimbolana ny fandoavana mandrapahavitan'ny famerenana tanteraka ny « Vola samborina ».

Na izany aza anefa, ny vaninandro fanefana ny zanabola dia tokony hiaraka amin'ny famerenam-bola, araka ny hevitra ao amin'ny Fifamarafaran-teny faha-9, manomboka amin'ny fandoavana ny renivola voalohany.

2) Ny tambim-pifanekena. Hitovy ny vaninandro amin'ny fanefana ny tamby izay voalaza ao amin'ny Fifamarafaran-teny faha-8 sy ny zanabola izay voatondro amin'ny andalana teo aloha.

3) Ny tambiny amin'ny fitantanana. Ny fanefana ny tamby izay ifotoran'ny fifamarafaran-teny faha-8 dia ho tanterahina amin'ny vaninandro anaovana ny fandoavana voalohany ireo zanabola ifanarahana amin'ny fifamarafaran-teny faha-13 -3).

Ny « Minisitara » dia handrotsaka amin'ny « ICO » ny tetin'izany famerenana izany ao amin'ny « Mari-bola ifanarahana », sanda amin'ny vaninandro fandoavana.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-13 .- Toerana sy vaninandro anaovana ny fanefana

1) Ny fanefana izay ifotoran'ny Fifamarafaran-teny faha-7, 8, 9, 10, 11 ary 12 dia ho tanterahina ao amin'ny « Mari-bola ifanarahana », amin'ny kaonty laharana faha-21.0009047 « De Entes Públicos y Organismos no Autónomos de la Administración Central » izay Banky any Espagne - Madrid, ho an'ny FONDO AYUDA AL DESARROLLO .

2) Ny fanefana ireo zanabola sy ny tamby izay ifotoran'ny Fifamarafaran-teny faha-12 dia ho tanterahina enimbolana manomboka amin'ny vaninandro mampanankery ity ifanarahana ity. Amin'ny fandoavana voalohany ny renivola, ny vaninandro fandoavana ireo zanabola dia tokony hifanindry ny amin'ny

fanalefahana.

3) Ny fanefana ny tamby amin'ny fitantanana izay ifotoran'ny Fifamarafaran-teny faha-12 dia ho tanterahina amin'ny vaninandro voalohany andoavana ireo zanabola.

4) Raha toa ka andro tsy fiasàna ny andro anaovana ny fanefana voalaza amin'ny andalàna teo aloha, dia ho tanterahina amin'ny « andro fiasana » manaraka izany.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-14 .- Ny androtsahana ny fanefana

Ny vola voarain'ny «ICO » azo amin'ny fanefana isan-karazany avy amin'ity «Fifanarahana » ity, dia harotsaka toy izao manaraka izao.

- 1) Amin'ny tamby tokony aloa sy tsy mbola voalao.
- 2) Amin'ny zanabola aloa mikasika ny fahatarana, raha ilaina.
- 3) Amin'ny zanabola mahazatra, tokony aloa sy tsy mbola voalao .
- 4) Amin'ny renivola tokony aloa sy tsy mbola voalao.

FIFAMARAFARANA-TENY FAHA-15 .- Antony amin'ny fampandoavina mialoha

Ny fandoavana mialoha dia hanana ny antony voamarina izay avy amin'ny zavatra iray na maromaro hitranga manaraka ireto :

- 1) Raha toa ka dila ny vanim-potoana izay ifotoran'ny Fifamarafaran-teny faha-11, andalàna faha-2, ny « Ministera tsy nahatanteraka ny famerenana ny renivola na ny fanefana ireo zanabola na ireo tamby amin'ny fandoavana izany, araka ny fepetra ifanekena ao amin'ity « Fifanarahana » ity ».
- 2) Raha toa ka dila ny vanim-potoana izay ifotoran'ny Fifamarafaran-teny faha-11, andalàna faha-2, ny « Mpindrana » tsy nandoa ny trosa amin'ny vaninandro voalaza sy ao amin'ny fepetra nifanekena na amin'ny fifanarahana hafa rehetra na inona na inona izay ifanovan'ny «ICO » sy ny « Mpindrana » ny tontalim-bola rehetra mikasika ny renivola, ireo zanabola na ireo tambiny amin'ny fanaovan-draharaha.
- 3) Raha toa ka tsy nampiasain'ny « Minisitera » ny « Vola samborina » amin'ny fiafarany izay nifanekena ao anatin'ity « Fifanarahana » ity
- 4) Raha, momba toe-javatra tsy miankina amin'ny «ICO », na inona fanaovan-draharaha ara-barotra vatsiana amin'izany « Vola samborina » izany, mba ho fampiharana ny Fifamarafaran-teny faha-4 amin'ity «Fifanarahana » ity, dia foanana manontolo na amin'ny ampahany.
- 5) Raha toa ny Governemanta misy ny « Mpindrana » hanambara ny fahatarana amin'ny ankilany ihany mikasika ny fanefana ny trosa ivelany hafa rehetra

mahakasika ny sehatra tsy miankina any Espagne sy/na iantohan'ny CESCE.

6) Raha ohatra ny manampahefana avy amin'ny Governemanta misy ny « Mpindrana » manisy fanovana na fanafoanana fanomezana-dalàna , fanekena, na famelana iray na maromaro izay ifotoran'ny Fifamarafaran-teny faha-2, litera b.

7) Raha mikasika ny fanaovan-draharaha fanondranana, izay ao amin'ny Fifanarahana ara-barotra irery ihany, dia nisy ny fanaovana tsolotra izay ezahin'ny OCDE ho fongorina na koa efa voalaza ao amin'ny «Fifanekena momba ny ady amin'ny fanaovana kolikoly ataon'ny mpandraharaha-panjakana vahiny ao amin'ny fifanakalozana ara-barotra iraisam-pirenena » izay nifanarahana tamin'ny Desambra 1999 (hatramin'izao, Fifanarahan'ny Desambra 1999). Toy izany koa , raha toa noesorina na natsahatra ny fiandraiketam-piantohan'ny CESCE mifandraika amin'ny fanaovan-draharaha fanondranana vokatry ny fanao mahazatra izay ezahina fongorina amin'ny Fifanarahan'ny Desambra 1999.

Noho izany dia heverina fa misy ireo « fomba fanao izay tokony ho fongorina », raha toa nambaran'ny Fitsarana mahefa ny mikasika ny fanaovana kolikoly ao amin'ny fitsarana tsy nanaovana fiantsoana .

Raha izany ny « ICO » dia manambara :

Ny tsy fahafantarany fa ny fanaovana tolotra, fanomezana na fandoavana, fankasitrahana na fangalana tombony, dia noheverina ho toy ny fomba fanao tsy ara-dalàna na kolikoly, izay toy ny famporisiana na setriny amin'ny fahavitan'ny « Fifanarahana ara-barotra », mivantana na an-kolaka.

Toy izany koa, ny « Mpindrana » dia manambara :

Ny tsy fahafantarany fa ny fanaovana tolotra, fanomezana na fandoavana, fankasitrahana na fangalana tombony, dia noheverina ho toy ny fomba fanao tsy ara-dalàna na kolikoly, izay toy ny famporisiana na setriny amin'ny fahavitan'ny « Fifanarahana ara-barotra », mivantana na an-kolaka.

8) Fa ny « Minisitera » dia tsy nahatanteraka ny andraikiny voarafitra ao amin'ny Fifamarafaran-teny faha-21 amin'ity « Fifanarahana » ity, ary koa ny andraikitra hafa avy amin'izany « Fifanarahana »izany.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-16 .- Ny fiantraikany

Araka izay voalaza amin'ny Fifamarafaran-teny teo aloha, ny « ICO », aorian'ny fe-potoana 30 andro manomboka amin'ny vaninandro anaovana ny fitarainana manoloana ny « Minisitera », ary mba ahafahana manao ny fandaminana, dia afaka :

a) Mitaky ny famerenana mialoha ny renivola amin'ny «Vola samborina », ary koa ny fanefana ny fitambaran'ny zanabolany rehetra sy ny vola hafa rehetra tsy maintsy aloa noho ity «Fifanarahana » ity. Kanefa, raha toa mitranga ny toejava-misy voalaza amin'ny Fifamarafaran-teny faha- 15. 4, ny «ICO » dia tsy afaka hitaky ny anaovana famerenam-bola mialoha mikasika ireo vola nampiasaina izay mifandray amin'ny fanaovan-draharaha nofoanana. Izany vola izany dia hatokana amin'ny famatsiana ny fanaovan-draharaha ara-barotra hafa , raha tahiny ny « Minisitera » mamporisika ny « ICO » ny amin'izany, ao anatin'ny fepetra ifanekena amin'ny Fifamarafaran-teny faha-4 amin'ity « Fifanarahana » ity.

b) Lazaina tsy misy ho an'ny «ICO » ny andraikitra avy amin'ity « Fifanarahana » ity, amin'ny alalàn'ny fampandrenesana ny « Minisitera ».

d) Raha ohatra ny « ICO » tsy hitaky ny anaovana ny famerenana mialoha ny « Vola samborina » ary ny « Minisitera » dia hahazo ny antoka na fanekena vita sonia amin'ny fanatanterahana ny andraikitra ny mpanondrana azo avy amin'ny « Fifanarahana ara-barotra » izay votoatin'ny famatsiana amin'ny « Vola samborina » , ka anaovan'ny «Minisitera » fanekena amin'ny «ICO » ny famerenana ny tetin'ny vola azo avy amin'ny fampiasana ny antoka na fanaovan-tsonia. Izany famindrana izany dia miankina amin'ny isan-jaton'ny famatsiana atao « Vola samborina » raha ampitahaina amin'ny tontalin'ny vola amin'ny « Fifanarahana ara-barotra ».

e) Ilain'ny « ICO » indrindra ny tokony hitakiany mialoha ny famerenana ny renivola amin'ny « Vola samborina », ary koa ny fanefana ny fitambaran'ny zanabolany rehetra sy ny vola rehetra tsy maintsy aloa noho ity « Fifanarahana » ity, araka ny tranga fandaminana amin'ny Fifamarafaran-teny faha-15.4 (raha toa izany tranga izany ka mifanaraka amin'ny « fomba fanao izay hofongorina amin'ny Fifanarahan'ny Desambra 1999) sy ny andalàna faha-7 amin'ny Fifamarafaran-teny io ihany.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-17 .- Fampitoviana ny fitondrana

Ny trosa neken'ny « Mpindrana » araka ny « Fifanarahana » dia hitovy laharana « Pari Passu » amin'ny trosa hafa ivelany an'ny « Mpindrana » izay mitovy karazana.

Ateraky izany dia ny fiangarana na fialohana nataon'ny « Mpindrana » amin'ny trosa ivelany izay mitovy karazana dia hiatra avy hatrany amin'ity « Fifanarahana » ity, tsy hialohavan'ny misy fangatahana ataon'ny « ICO ».

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-18 .- Hetra, sara ary haba

1) Ho tanterahin'ny « Minisitera » ny fanefana rehetra avy amin'ity « Fifanarahana » ity, tsy misy fanesorana ny hetra, haba na sara hafa na toy

inona na toy inona karazany, izay tokony aloa amin'ny fireneny ary hanao ny fandoavana ny sara tamin'ny fandrotsahana rehetra na fanakalozana ho fanatanterahana ity « Fifanarahana » ity.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-19 .- Fifandraisan'ny roa tonta

Ny fangatahana rehetra, ny fampanandresana, ny filazana ary ny fifandraisana amin'ny ankapobeny izay tokony hifanaovan'ny roa tonta araka ity « Fifanarahana » ity dia heverina ho toy ny efa tanteraka rehefa avy hatao antaratasy vita sonian'ny olona manana ny fahefana ampy amin'izany, araka ny Fifamarafaran-teny faha-2, litera B, na amin'ny Télex na Fax. Raha toa ka télex dia tokony ampiasana ny « Mari-pahamantarana Telegrafika » izay an'ny « ICO ».

Ny fampanandresana na ny fifandraisana telegrafika na fandefasana amin'ny télex na Fax dia hahafahana mifandray amin'ny roa tonta raha vao maharay izany any amin'ny fonenany na amin'ny mari-pahamantarana ny télex manaraka izao :

HO AN'NY INSTITUTO DE CREDITO OFICIAL

Paseo del Prado, 4
28014 Madrid,
TELEX : 42093 ICO E
FAX : (34) 91.592.17.00 / 91.592.17.85
PHONE : (34) 91.592.16.00 /

91.592.17.80

HO AN'NY MINISITERA NY TOE-KARENA , NY FITANTANAM-BOLA ARY NY TETIBOLA

Antananarivo (Madagascar)
FAX : (261) 2022.34530
PHONE : (261) 2022.64680

Na dia eo aza ny teo aloha, ny « Fanomezan-dalàna amin'ny fandoavam-bola » dia tsy azo ho raisina raha tsy efa voarain'ny « ICO » ny Fanomezan-dalàna tsy nalain-tahaka vita sonia, na ny « Fanomezan-dalàna amin'ny fandoavana » nalefa amin'ny télex miaraka amin'ny « Mari-pahamantarana telegrafika ».

Toy izany koa, ny tahiri-kevitra takiana ao amin'ny Fifamarafaran-teny faha-2 mba hampanankery ny « Fifanarahana » dia tokony ho dika tsy nalain-tahaka na dika-soratra nalain-tahaka tena voamarina tsara.

Ny fiovan'ny toeram-ponenan'ny iray amin'izy roa tonta dia tsy hisy fiantraikany

raha mbola tsy nampahafantariny ankilany araka ny ao amin'ny endrika voarafitra ao amin'ity Fifamarafaran-teny ity, ary raha toa ity farany mbola tsy nampahalalana izany.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-20 .- Ny Lalàna azo ampiharina

Ity «Fifanarahana» ity dia fifanekena momba ny fivarotana manaraka ny Lalàna ary hampiharina sy hadika araka ny lalàna any Espagne, Dia toy izany ihany koa, ny roa tonta dia afaka mandà mazava mikasika ny amin'ny fitsarana hafa rehetra izay mety hifandray amin'izany, manaraka ny lalàna sy ny fahefan'ny any Madrid mba ahafahana mamaha ny fifanolanana izay mety hitranga mikasika ny fampiharana sy ny fandikana ny dikan'ity «Fifanarahana» ity.

FIFAMARAFARAN-TENY FAHA-21 .- Fifanekena.

«Ny Minisitery» dia manaiky ny ametraka amin'ny «ICO», manomboka amin'ny vaninandro mampanankery ity «Fifanarahana» ity, ary raha mbola andraikitra inona na inona vokatry mety ho azo avy amin'izany.

a) Ny dika mitovy amin'ny fepetra ara-dalàna manana endrika anaty izay azo heverina hisy fanovàna ny anarana ahafantarana, ny rafitra ary ny fitsipika ara-dalànn'ny «Minisitery».

b) Fampandrenesana natao ao amin'ny Fifamarafaran-teny- faha-19 amin'ity «Fifanarahana» ity, ny amin'ny fanovàna rehetra mety hitranga mikasika ny olona izay nahazo alalàna amin'ny fanaovan-tsonia sy ny amin'ny fanatanterahana izany araka ny Fifamarafaran-teny faha-2, litera B amin'ny «Fifanarahana».

Ity « Fifanarahana » ity dia natao dika 4 tsy nalai-tahaka , sy azo ekena araka izany, roa (2) natao amin'ny teny avy any Espagne ary ny roa (2) natao amin'ny teny frantsay. Raha toa misy ny fisarahana, dia ny rijan-teny amin'ny teny avy any Espagne no hanankery.

Antananarivo, faha _____
Oktobra 2003

Madrid, faha 03

HO AN'NY MINISITRY NY TOE-KARENA
INSTITUTO DE
NY FITANTANAM-BOLA ARY NY TETIBOLAN'
NY
NY REPOBLIKAN'I MADAGSIKARA
ESPAGNE

HO AN'NY
CREDITO OFICIAL
FANJAKANAN'I

Fdo.: M. Radavidson Amdriamparany Benjamin
Casas

Fdo.: M. David Moreno

Antananarivo, faha _____

TOVANA VOALOHANY

FANGATAHANA ANDRO TSAHANA NY FANAOVAN-DRAHARAHANA

Ho fampiharana ny Fifamarafaran-teny faha-4 amin'ny « Fifanarahana Fampisamboram-bola » narafitra teo amin'ny Instituto de Crédito Oficial, ny Fanjakanan'i Espagne sy ny Ministeran'ny Toe-karena, ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola avy amin'ny Repoblikan'i Madagasikara tamin'ny _____ dia mangataka izahay ny momba ny fanaovan-draharaha ara-barotra vita sonia teo amin'ny _____

Avy any Espagne (mpanondrana)

sy _____
ny _____ (mpanafatra) izay mitetina

_____ (atao tarehi-marika sy soratra), araka ny « Fifanarahana ara-barotra » mitondra ny vaninandron'ny

_____, mba anaovana famatsiana amin'io « Vola samborina » io.

Ny tontalin'ny « Vola samborina » amin'izao fanaovan-draharaha ara-barotra izao dia mahatratra _____ (atao tarehi-marika sy soratra) ary maneho 100% amin'ny fitambaramben'ny famatsiam-bola ofisialy Espagnol.

Mifanaraka amin'izay nifanekena amin'ny Fifamarafaran-teny faha-4 amin'ny « Fifanarahana fampisamboram-bola », dia ampiarahanay miaraka amin'ity ny dika nalai-tahaky ny « Fifanarahana ara-barotra ».

Sonia : M. _____

Minisiteran'ny Toe-karena, ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola
(anarana, sonia ary fitomboka)

Antananarivo,

faha _____

TOVANA II

FANGATAHANA FANALAVANA NY VANIM-POTOANA FAMPIASANA

Ho fampiharana ny Fifamarafaran-teny faha-5 amin'ny Fifanarahana fampisamboram-bola narafitra teo ;amin'ny Instituto de Crédito Oficial amin'ny Fanjakanan'i Espagne sy ny Minisiteran'ny Toe-karena, ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola avy amin'ny Repoblikan'i Madagasikara tamin'ny _____, dia angatahinay indrindra ny fanalavana ny vanim-potoana fampiasana vola hatramin'ny _____. Iangavianay indrindra ny « ICO » mba hamaliany ny mikasika ny fankatoavana izany fanalavana izany sy ny vaninandro mampanankery azy.

Sonia : M. _____

Minisiteran'ny Toe-karena, ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola
(anarana, sonia ary fitomboka)

Antananarivo,

faha _____

TOVANA III

FAHAZOAN-DALANA AMIN'NY FANEFANA TOKANA SY TSY AZO OVANA

Araka ny fepetry ny Fifamarafaran-teny faha-6, andalàna 1 amin'ny « Fifanarahana fampisamboram-bola » izay vita sonia teo amin'ny Instituto de Crédito Oficial ny Fanjakanan'i Espagne ary ny Ministeran'ny Toe-karena, ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola avy amin'ny Repoblikan'i Madagasikara tamin'ny _____, dia voninahitra ho anay ny mangataka aminao _____ ny androtsahana _____ ao amin'ny banky _____ (Banky mpitanantana) ho an'ny mpanondrana avy any Espagne _____ monina ao _____ ny _____ vola _____ (tontalin'ny Vola samborina atao tarehi-marika sy soratra) mifanandrify amin'ny fanamarinan'ny « Banky mpitantana » araka izay voalaza amin'ny Tovana IV naely arakaraka ny fepetra fanatanterahana ny « Fifanarahana ara-barotra » voamarika araka ny laharana _____ tamin'ny _____, teo amin'ny _____ sy ny _____, dia fenon'ny mpanondrana amin'ity « Fifanarahana » ity.

Noho izany, dia milaza aminareo izahay ny amin'ny ahafahanareo mandoa ny vola « EUROS » votoatin'ny fanamarinana nalefan'ny Banky _____ (Banky tompon'andraikitra) amin'ny « Kaonty ».

Ny fanatanterahan'ny « ICO » ireo toromarika ao anatin'ity « Fahazoan-dalàna amin'ny fanefana » dia tsy misy ny andraikitra mamatotra izany sampan-draharaha izany raha ny amin'ny fahavitana na tsia ny « Fifanarahana ara-barotra » na mikasika ny tahiri-kevitra hafa rehetra izay anoloana izany, na ny amin'ny fanaraha-maso azy, dia tsy hisy araka izany ny mamatotra ny « ICO » mikasika ny fifanarahana. Araka izany dia manaiky izahay ny amerina amin'ny « ICO » amin'ny « Mari-bola Ifanarahana » ny tontalim-bola naloa nanomezanay alalàna araka ny fepetra nifanekena ao amin'ny « Fifanarahana » voalaza etsy ambony, na inona zava-nitranga teo aloha na tao aorian'ny fanefana, izay mety vokatry ny fanatanterahana ny « Fifanarahana ara-barotra ».

Sonia : M. _____
Minisiteran'ny Toe-karena, ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola
(anarana, sonia ary fitomboka)

- Nandefasana dika nalai-tahaka ny « Banky tompon'andraikitra ».

Vaninandro, _____

TOVANA IV

Tsiahy : Fifanarahana fampisamboram-bola vita sonia teo amin'ny Instituto de Crédito Oficial sy ny Minisiteran'ny Toe-karena, ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola avy amin'ny Repoblikan'i Madagasikara, tamin'ny _____ izay mitetina _____

Fanamarinana ataon'ny « Banky tompon'andraikitra »

Izahay dia manamarina ampahibemaso ary ekenay fa ny fandoavana _____ izay natao tamin'ny mpanondrana avy any Espagne (anarana na antondraharaha) ny tontalim-bola _____ (atao tarehimarika sy soratra) noho ny «Fahazoan-dalàna amin'ny fanefana» eto ampelatananay, avy amin'ny « _____ » dia mifanaraka a) amin'ny fifanekem-panefana amin'ny « Fifanarahana ara-barotra » vita sonia teo amin'ny _____ sy _____ ny vola _____ tamin'ny _____

- *Safidy a) Raha toa ka tsy ilaina ny taratasy fanamarinana fandoavana*

Ary izany « Fifanarahana ara-barotra » izany rahateo dia tsy mitaky ny taratasy fanamarinana entin'ny mpanondrana avy any Espagne.

- *Safidy b) Raha toa ka ilaina ireo taratasy mba anatanterahana ny fandoavana izay voaporofa amin'ny Fanamarinana :_*

Ary ny taratasy rehetra atolotry ny mpanondrana avy any Espagne ahazoana ny fandoavana dia ireo izay tsy maintsy ampandoavina araka ny fifanekena amin'ny « Fifanarahana ara-barotra » voalaza, ary mifanaraka sy marina tsara izany.

Ny vola voalaza etsy ambony dia ho tsinjaraina toy izao :

- Fananana sy atrik'asa avy any Espagne ;
- Fitaovana avy any ivelany

Ny « Banky tompon'andraikitra » dia manome alalàna ny « ICO » amin'ny fidirana sy fanaraha-maso ao amin'ny toerana misy azy ny atontan'isa sy tahiri-kevitra rehetra mikasika ny fanefana raha tsara ny anaovana izany.

Iangavianay ianao mba androtsaka ny vola izay mifanandrify amin'izao fanamarinana izao ao amin'ny kaonty laharana _____amin'ny Banky _____
Izay toy izao ny adiresy_____.

Sonia : M. _____

BANKY TOMPON'ANDRAIKITRA

Ity Tovana ity dia halefan'ny « Minisitara » atao modely any
amin'ny « Banky Tompon'andraikitra »

